



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavene - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-159

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2021**

Fivoriana Voalohany
Natao ny
Talata 19 Oktobra 2021
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - RASOLONJATOVO Honoré
- RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Talata 19 Oktobra 2021, tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

Fanamarihana: Firedonana ny Hiram-pirenena nataon'ny Antoko Mpihira eto amin'ny Antenimierampirenena no nanombohana ny lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021. Rehefa izany, niredona ny Hira Fanevan'ny Antenimierampirenena indray izy ireo.

Taorian'izay vao niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izao.

Izao isika dia hiditra amin'ny votoatin-draharaha, koa iangaviana ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Mialohan'izany dia manantitra ny fiarahabana antsika tonga soa indray eto amin'ity lapan'ny Antenimierampirenena ity satria iarahantsika nahalala ny tranga teto amin'ny firenena, ka nandaozantsika ny lapa nandritra ny volana maromaro, eny feno iray taona mihitsy aza. Koa arahaba soa, arahaba tsara.

- Tehaka -

Andriamatoa Mpitantsoratra, miangavy anao hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

Andininy 75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ianao Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana izay andinin-dalàna izay.

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahoaka namana, hajaina;

Andriamatoa sy Ramatoa Minisitra isany mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;

Ramatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahny ny Zon'olombelona;

Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Ianareo mpandraharaha namana, mpiara-miombon'antoka mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo manam-boninahitra Sivily sy Miaramila izay manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Faly mifanatri-tava amintsika rehetra indray androany. Avo fitoetra, fa iva fijery tokoa Ilay Andriamanitra, ka tsy mitsahatra ny fitahiany sy ny famindram-pony. Isaorana Izy satria afaka hiatrika izao fotoam-pivoriana izao indray ny Antenimierampirenena.

Hanokatra izany ary isika, maro ny tomponandraikitra eto amin'ny Firenena manotrana etoana, anisan'izany ny avy ao amin'ny Andrimpanjakana mahefa tsy ankanavaka. Angamba hatramin'ny nanokafana fotoam-pivoriana ara-potoana amin'ny fomba ofisialy sahala amin'izao, tsy mbola nisy Filohan'ny Andrimpanjakana vory tahaka izao androany izao.

Ankasitranay tanteraka izany, Tompoko.

Koa akory aby Ragnadria. Ankasitranay izany fanotronanareo izany.

- Tehaka -

Eo koa ianareo Solombavambahoaka namana hajaina, mpiara-miasa; voninahitry ny Lapa hono no maro mpanotrona, ka isaorana hatrany isika noho ny fahatsapana ny adidy miandry sy ny fahavononana hatrika izany. Indramiko eto ny fiarahabana avy any Atsimo, ao amin'ny Faritra Androy manao hoe: AKORY ABY nareo fanagnan-dray, ry fanagnan-dregny.

- Tehaka -

Mialohan'ny lahateny dia arahabaintsika manokana eto ny namantsika vaovao izay Solombavambahoaka avy amin'ny Distrikan'Antsiranana faharoa, Andriamatoa DAHY Ramamonjisoa Herman.

Miangavy anao, Andriamatoa Solombavambahoaka, mba hitsangana.

- Tehaka -

Izany dia araka ny fanapahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mitondra ny laharana faha-06-HCC/AR tamin'ny 6 Septambra 2021.

Izy dia nisolo ny toeran'ny Solombavambahoaka, Dokotera RAYMOND izay voatendry ho Minisitry Lefitry ny Fiompiana. Faly mandray anao ny Antenimierampirenena, Andriamatoa Solombavambahoaka ary mirary anao hahefa be amin'ny adidy apetraky ny firenena aminao.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Hiasa, handinika, handray fanapahana eto indray isika Solombavambahoaka mandritra ny 60 andro. Manao ahoana sy manao ahoana ary izany asa miandry izany raha toa ka hotanisaina:

- Hanao tatitra eto anivon'ny fivoriambe ry zareo avy ao amin'ny Vaomiera Parlemantera mpanadihady isan-karazany, satria izay no voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena mikasika ny fe-potoana sy ny fomba fiasa na ny "enquête parlementaire" izany.
- Ao koa ny fampiharana ny voalazan'ny Lalàmpanorenana araka ny Andininy faha-102, tapany faharoa. Andrasan'ny Solombavambahoaka eto ny Governemanta hametrahana fanontaniana sy hiandrasana valiny avy amin'izy ireo momba ny asany sy ny raharaham-pirenena.
- Lahadinika lehibe iankinan'ny fiainam-pirenena ihany koa ny hifidianantsika Solombavambahoaka izay hisolotena antsika eo anivon'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana, na ny CENI. Fantatsika tsara fa ho tapitra ny faha-29 Oktobra ho avy izao ny fe-potoam-piasan'ireo mpikambana teo aloha.
- Hodiniana koa ireo Tolo-dalàna izay napetrak'ireo Solombavambahoaka na ny "propositions des lois" izany ary tazako sahady fa hafanafana ny adihevitra.
- Hisy koa dinik'asa izay hiarahana amin'ny rafi-panjakana eto an-toerana sy ny fikambanana maro samihafa.
- Ary tsy kely fa sady ivon'izao fotoam-pivoriana izao dia ny fandinihana ny volavolan-dalàna hifehezana ny Tetibola-panjakana, taona 2022 (LFI 2022).
Mikasika an'izay indrindra dia ampahatsiahivina sy takiana aminareo Governemanta ny mba hahatongavan'izany volavolan-dalàna izany ara-potoana eto amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena.

- Tehaka -

Toy izay sy toy izay ny mikasika ny asa miandry antsika mandritra ity fotoam-pivoriana ity. Nandritra izay elanelam-potoana tsy nivoriana izay kosa, ho toy ny mahazatra dia tsy maintsy anaovana tatitra tsotra aminareo ny asa nataon'ny Antenimierampirenena tamin'ny alalan'ny Birao Maharitra sy ny Solombavambahoaka samihafa ary ny fandraharahana eto anivon'ny Lapa.

Tamin'ny faha-18 Aogositra 2021: nandray anjara tamin'ny fanangonan-kevitra nataon'ny "Forum Parlementaire de la SADC" mikasika ny lalàna lasitra momba ny «Violence Basée sur le Genre» ny Solombavambahoaka isany RASOAZANANERA Marie Monique sy MASY Goulamaly Jeanne d'Arc. Izany lalàna lasitra izany no entina hitarika ireo firenena mikambana ao anatin'ny SADC amin'ny famolavolana ny politika sy ho tondro ho an'ireo mpanao lalàna ary ny mpandalina ny momba ny fampiharana izany anatin'ny lalàna nasionaly. Tamin'ny 8 Oktobra 2021 teo dia voatendry ho Filohan'ny Komity Rezionaly manara-maso izany lalàna lasitra ao amin'ny SADC-FP izany ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly Marie Jeanne d'Arc. Koa miarahaba anao manokana izahay, Ramatoa Solombavambahoaka amin'izany andraikitra vaovao sahaninao izany. Miangavy anao mba hitsangana.

Tamin'ny 19 Aogositra 2021: fanaovana ny fatra faharoa tamin'ny vaksiny "Astrazeneca" ho an'ireo Solombavambahoaka sy mpiasan'ny Antenimierampirenena naniry ny hisitraka izany ary ny tamin'ny 20 Aogositra 2021 ny fanaovana vaksiny "Janssen".

Tamin'ny 1 Septambra 2021: nihaona teto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Ambasadaoron'i "Inde", Andriamatoa Abhay KUMAR. Fitsidihana ho fanamafisana ny fiaraha-miasa sy ny finamanana eo amin'ny Parlemantera roa tonta, efa mitsangana rahateo ny vondrom-pifankatiavana eo amin'ny Parlemanta Indiana sy Malagasy. Nandritra ny fihaonana no niresahana ny hanomezana herinaratra azo avy amin'ny masoandro ho an'ny Antenimierampirenena.

Tamin'ny 1 Septambra 2021 ihany: fihaonana sy fifampiresahana teo amin'ny Solombavambahoaka vehivavy sy ny mpianatra amin'ny sampana lalàna eny amin'ny Anjery manontolo Ankatso. Dinidinika nokarakarain'ny EISA ary niarahana niasa tamin'ny "Faculté de Droit et des Sciences Politiques", niresahana momba ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra.

Tamin'ny 7 sy 8 Septambra 2021: nanatrika fivoriambe iraisam-pirenena andiany faha-5 ho an'ireo Filohan'ny Parlemanta ny Filohan'ny Antenimierampirenena. Fivoriana nokarakarain'ny "Union Interparlementaire" sy ny "Parlement Autrichien" ary ny ONU. Nodiniana nandritra izany ny fiatrehana ireo laharam-pahamehana taorian'ny "Covid-19", ny fiovan'ny toetr'andro, ny fandraisana anjaran'ny tanora amin'ny fiainana politika ary ny miralenta. Talohan'io fivoriambe io dia nisy ihany koa ny fihaonana sy fivorian'ireo vehivavy lehiben'ny parlemanta eran-tany. Avy eo dia nitohy tany Frantsa ny dia izay niatrehana ny «Assemblée Parlementaire de la Francophonie» (APF) sy ny «Groupe d'Amitié Parlementaire France-Madagascar».

Vokatr'izany dia efa atsidika eto sahady, fa hisy «Séminaire Parlementaire» hatao amin'ny volana Novambra izao izay hahatongavan'ny delegasiona avy amin'izy ireo ka eto Antananarivo no hanatontosana izany, ka efa miomankomana sahady isika satria handray vahiny.

Noho izany diplomasia parlemantera izany dia azo antoka fa hisy manomboka amin'io taona 2022 io ny fiaraha-miasa vaovao ho teraka arak'izay iriantsika Malagasy ao anatin'ny APF.

Tamin'ny 9 Septambra 2021: nanatanteraka valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety ireo mpikambana ao anatin'ny vaomiera mpanao famotorana mikasika ny asan'ireo mpandraharaha amin'ny sehatry ny fifandraisan-davitra. Nilaza izy ireo fa efa maro ny mpisehatra nanaovana fanadihadiana toy ny "Airtel, Telma, Orange, Blueline". Mbola hitohy ny fanadihadiana izay hamoahana fehin-kevitra amin'ny farany ka homena ny tomponandraikitra mahefa.

Tamin'ny 27 Septambra 2021: fitsidihana ara-pomba fifanajana nataon'ny Tale Jeneraly misahana ny Ady amin'ny Famotsiam-bola (SAMIFIN), Mamitiana RAJAONARISON tao amin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena. Nangataka fiaraha-miasa amin'ireo Solombavambahoaka tamin'ny alalan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena izy ny amin'ny hanitsiana ny lalàna momba ny famotsiam-bola eto amintsika.

Tamin'ny 28 Septambra 2021: nanolotra fitaovana informatika sy biraotika ny PNUD ho an'ny Antenimierampirenena. Izany dia tafiditra ao anatin'ny fanohanan'ny PNUD ny Planina Stratejika ho fampandrosoana ny Antenimierampirenena. Ankoatry ny fampitaovana ara-materialy dia efa maro ireo atrikasa sy fampiofanana niarahan'ny Antenimierampirenena tamin'ny PNUD, toy ny fiofanan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana sy ny famolavolana ny torolalana hiasan'izany vaomiera izany miaraka amin'ny "Cour des Comptes".

Tamin'ny 30 Septambra 2021: nitsangana ny fikambanana «National Assembly English Club» ato amin'ny Antenimierampirenena. Fikambanana izay entina hifampizarana traikefa sy hampitomboana ny fahaizana teny anglisy ho an'ny mpiara-miasa.

Ny 13 sy 14 Oktobra 2021: «journées portes ouvertes» tao Antsirabe. Nisy ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ny Solombavambahoaka sy ny firaisamonim-pirenena, ny EISA ary ny vondrona HINA. Ny foto-kevitra nodiniana nandritra izany fifanakalozan-kevitra izany dia ny anjara asan'ny parlemantera sy ny firaisamonim-pirenena manoloana ny fanatanterahana ireo voalazan'ny ODD mikasika ny ara-tsakafo.

Ny 12 ka hatramin'ny 15 Oktobra 2021: atrikasa fanamafisana ny fahaiza-manao ho an'ny Solombavambahoaka sy Loholona momba ny fenitra iraisam-pirenena mikasika ny asa, tao Antsirabe ihany izay nokarakarain'ny OIT. Atrikasa natao ho fampahafantarana ireo fifanarahana iraisam-pirenena izay hankatoavina eo anivon'ny Antenimiera roa tonta, ka entina hanatsara ny tontolon'ny asa. Tao anatin'izany ny fahasalamana sy ny fiarovana ny mpiasa amin'izay mety ho endrika herisetra rehetra. Teo ihany koa ny fandinihana ny fehezan-dalàna momba ny asa (Code de Travail).

Fehiny: Na ho an'ny Antenimierampirenena na ho an'ny Fiadidiana ny Repoblika dia samy manao ho zava-dehibe ny fifandraisana ara-diplômatika sy ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka. Porofon'izany ny dia nataon'ny Filohampirenena tany «New York» ireny, nandritra ny fihaonana an-tampony faha-76-n'ny Firenena Mikambana. Efa ireny nampahafantarina ireny ny voandalana nentiny; na vola izany na fiaraha-miasa, fa ankoatr'ireo dia tao koa ny:

- Fanoritsoritany ny Politika Ankapoben'ny Fitondram-panjakana, indrindra taorian'ny takaitra navelan'ny «COVID-19»;
- Tamin'iny fotoana iny ihany koa no naverina nampahafantarana an'izao tontolo izao, fa isika Malagasy ny tompon'ny "Îles Eparses";
- Ankoatr'izay, ny volana Aogositra teo, nisy ny fanamafisana ny fiaraha-miombon'antoka tamin'ireo mpandraharaha sy tompon'orinasa avy amin'ny firenena miteny Frantsay mivondrona ao anatin'ny MEDEF. Voaresaka tamin'izany ny fanandratana avo ny Vita Malagasy mifototra amin'ny fiarahamiombon'antoky ny Fanjakana sy ny tsy mainkina (3P).

Santonany lehibe amin'ny ezaka ataon'izao fitondram-panjakana izao avokoa izany rehetra izany ka hoy izahay hoe: Akory koa ny filavon'androngo lehe ny fotsy ro miboaka?

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Mikasika ny raharaham-pirenena no hasiana teny.

Miarahaba manokana ny Governemanta nasiam-panavaozana ny faha-15 Aogositra lasa teo. Mirary anareo hahavita be sy hahazo vokatra tsara. Mirary koa izahay mba hisy hatrany ny fifandraisana sy fiaraha-miasa mahomby eo amintsika. Iarahana manatanteraka ny velirano 13-n'ny Filoha. Koa matoky izahay fa tsy handraraka ilo mby an-doha amin'ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra ianareo amin'ny fanatanterahana izany velirano izany miaraka amin'ireo olom-boafidin'ny vahoaka; fa ny fifanomezantsika tana sy ny fahavononana amin'ny asa no antoky ny fanatanterahana ny vinan'Andriamatoa Filohampirenena amin'ny fanovana ny tantara sy ny endrik'i Madagasikara araka ny teniny ombieny ombieny. Ary efa fanatanterahana izany io asa goavana ataony any Atsimon'ny Nosy io. Asa ity hoy I Rainimanonja koa mahalehova mahalasana ianareo mpitondra ao amin'ny Governemanta tarihin'Andriamatoa NTSAY Christian.

- Tehaka -

Mikasika ny tsy fandriam-pahalemana izay nahazo vahana tato ho ato. Isaorana sy entanina eto ny fanamafisana ny fandraisan'andraikitra ataon'ny mpitandrofilaminana sy ny fitsarana, fa ny soso-kevitra avy aty aminay kosa, aoka mba tsy hisy fijanonana mihitsy ny hetsika. Zavatra mampitolagaga sy mahatalanjona ary mahaketraka dia hatrany amin'ny tany faran'izay kizo dia mahalala ny atao hoe "kidnapping". Koa miangavy anareo tomponandraikitra amin'ny fandriam-pahalemana hanome tana anay Solombavambahoaka mba tsy ho fotsy rora sy mitabataba hoe ampiy izahay.

Maromaro koa tato ho ato izay lozam-pifamoivoizana namoizana aina sy naharatra olona, indrindra teny amin'ny lalam-pirenena; na inona lazaina dia ny fandehanana mafy aloha no anisan'ny antony iray lehibe. Mila hentitra mihitsy ny mpitandrofilaminana mikasika izany. Torak'izay koa ianareo ao amin'ny fitsarana fiarakodia, mba tsy handefitra intsony amin'ny fiara hita fa tsy mahafeno fepetra.

Etsy ankilany, hita tato ho ato fa mirarakopana ny fotodrafitrasa vita sy notokanana. Voamarina fa tsy misy intsony ny Distrika hadino. Mirarakopana toy izany koa anefa ny fanankianana. Efa nilaza ny Filohampirenena fa amin'ny alalan'ny asa fanasoavana sy fampandrosoana no amalian'ny fitondram-panjakana ireny fanenjehana ireny.

- Tehaka -

Tsy mifantoka fotsiny amin'ny fandrakofana fotodrafitrasa ho an'ny taranaka ihany anefa ny fitondram-panjakana, fa voajery koa ny sosialim-bahoaka, toy ny fampianarana sy ny fahasalamana ary misongadina ihany koa ny fanomezana trano sy tany ho an'ireo sahirana (titre vert), fitaovam-pamokarana ho an'ireo niharan'ny takaitra noho ny fiovaovan'ny toetr'andro. Torak'izany koa ny fampidirana jiro maimaim-poana ho an'ny tokantrano sahirana. Mbola manamafy amin'ny fiompanan'ny fitondram-panjakana amin'ny sosialim-bahoaka ny fanaovan-tsonia natao ny Zoma faha-15 Oktobra teo mikasika ny fampiasana ny "Fonds d'Urgence Sanitaire National". Manolotra fankasitrahana an'Andriamatoa Filoha amin'ny fahazahoana ireo hopitalim-panjakana manerana ny Nosy hisitraka izany famatsiam-bola izany. Miangavy izahay mba ho hentitra sy ao anatin'ny mangarahara ny fampiasana azy.

Raha mijery ny zava-bita sy ny mbola hatao amin'ny fomba tsy mitanila dia tsy mitombina ireny fanankianana ireny. Ilaina ny fanankianana voahevitra, matotra satria vao mainka izany no mampirisika ny fitondrana hiroso lavitra amin'ny alalan'ny "vitesse" haingana, fa aleo ajanona kosa ny fanankianana bontana fa mandany andro fotsiny.

- Tehaka -

Izany rehetra izany no anamafisana ny tenin'Andriamatoa Filohampirenena hoe: tsy manakana velively ny fananganana fotodrafitrasa ny fijerena ny sosialim-bahoaka fa mifamatotra ireo. Izahay kosa sahy milaza fa tsy tana intsony io fandrosoana io, fa hiroso malaky, "vitesse TGV" satria ny ovy haniry tsy tam-bato; zaza hanjary, tsy voan-tsiny.

- Tehaka -

Koa tsy miasa jamba rafozana akory ny fitondrana tarihin'Andriamatoa Filoha hajaina, fa tsapan'ny vahoaka sy ny Antenimierampirenena tokoa ny antony ilàna azy ary ny ekipanao no aoka hisikina soa. Matokisa manominda agnao, Andriamatoa Filoha, fa ato agnay Antenimierampirenena hitazona ny vozony.

Ampirisihina hatrany ianareo hanohy ny ezaka satria ireny no vita sy atao dia noho ny fahaiza-mitantana ny volam-panjakana miampy ny fahamatoran'ny fiaraha-miasa eo amin'ireo firenena namana sy ny mpiara-miombon'antoka amintsika. Takianay kosa ny mangarahara mba tsy hisy tokantrano mihono; na izany aza dia manainga ny mpanohana sy mpiara-miasa amin'izao fitondrana izao ihany koa mba hitandrina amin'ny lafiny rehetra, satria tsy ny hataontsika indray no ho lasa singam-bolo handavo ny vositra eto, ka ho sanatria ho fandoto iray tandroka handoto ny fandio iray siny. Aza elingelenintsika ny ezaka ataon'Andriamatoa Filohampirenena.

- Tehaka -

Toy izay sy toy izay no mba tsy aritra eo amin'ny raharaham-pirenena, ka aoka tsy ho tsiny fa zava-dehibe ny tsy maintsy niresahana azy, koa raha nisy ny tsy nankasitrahana na tsiny dia ny teniko no ario, fa ny tenako aza ariana.

Mankasitraka anareo naharitra nihaino hatramin'ny farany.

Mamerina ny fisaorana anareo vahiny manan-kaja. Tsy hadino koa ianareo Solombavambahoaka namana rehetra tsy ankanavaka, ny mpandraharaha sy mpiaramiombon'antoka ary hianareo mpanao gazety.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Ho fanajana ny andininy faha-204 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriantika dia tiako ny mampahafantatra antsika, fa ny Alarobia 20 Oktobra 2021, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, hatao ao amin'ny "Salle BP" ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa ny fivorian'ny Diniky ny Filoha na ny «Conférence des Présidents» hatao ao amin'ny "Salle BP".

Ny Alakamisy 21 Oktobra 2021, amin'ny 10 ora, maraina, fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana izay hatao ato amin'ny "Salle des Séances".

Koa manentana antsika rehetra mba samy havitra hanatrika ireo fivoriana ireo.

Miato hatreo ny fivoriantika.

Niato tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona